

**Razafimanantsoa Lobo Hanitriniaina, Solombavambahoaka TIM ao Antananarivo I, miseho nianatra sy nandalina ny lalàna kanefa mpitarika vilam-bava, loza noho ny mpamosavy satria mpandainga. Ary misy ohabolana milaza mihitsy fa aleo mifanena amin'ny mpamosavy toy izay mifanena amin'ny mpandainga. Amin'ny teny vahiny dia: Mieux vaut rencontrer un sorcier qu'un menteur. It's better to meet a witch than a liar. Ka rehefa tsy mahay manaja tena, iza no hanaja azy intsony ?**

Ny Tantara, Tompoko, tsy azo foronina velively ary tsy miova araka ny sitrapon'ny tsirairay. Ny soratra koa mitoetra ary tsy misy tokony tsy ahafantatra ny lalàna ny Malagasy tsirairay izay tsy ambonin'ny Lalàna na ny iray aza.

Nilaza, ary naniziginzina mihitsy, i Ramatoa Hanitra Razafimanantsoa, solombavambahoaka malaza nianatra sy nandalina ny lalàna, fa tsy maintsy hanao tatitra ho an'ny vahoaka ao amin'ny boriboritany enina eto Antananarivo ry zareo solombavambahoaka TIM vitsy an'isa (16 amin'ny 151) ary tsy maintsy eo amin'ny zaridain'Ambohijatovo androany sabotsy 20 febroary 2021.

Satria, hono, izany tatitra izany dia voalaza ao amin'ny Lalampanorenana fa tsy maintsy atao. Isika eto tsy hanambany tena toa azy ka hamelabelatra ny hoe : iza no hanao iray sy iray amin'iza, fa hampahafantatra anareo mpamaky kosa izay voasoratry ny Lalampanorenana ( *«Constitution»* ) mikasika izany tatitra ezahina ho tontosaina androany sabotsy 20 febroary 2021 eo Ambohijatovo izany.

Ao anatin'ny Lalampanorenan'ny Repoblika faha-efatra an'i Madagasikara dia manomboka ao amin'ny andininy faha-68 ka hatramin'ny andininy faha-79 ny mikasika ny mpanao lalàna. Eo

amin’ny **andininy faha-68** no manomboka ny Zana-dohanteny II, ny amin’ny mpanao lalàna, milaza fa : « Ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona no mandrafitra ny Antenimiera. Izy no mandany ny lalàna sy manara-maso ny asan'ny Governemanta ary ny fanaovana tombana ny politikampanjakana ». Ireo izany no tena asany fa tsy ny finiavana hanongam-panjakana hamerenena an’i Ravalomanana velively akory.

Raha mikasika ny Antenimierampirenena manokana dia izao no voasoratra : **Toko voalohany : Ny amin’ny Antenimierampirenena**

**Andininy 69**. Fidin’ny daholobe hiasa mandritry ny dimy taona amin’ny alàlan'ny latsabato mivantana ny mpikambana ao amin’ny Antenimierampirenena ka izay mahazo vato be indrindra no lany.

Ny fomba fanatanterahana ny latsabato dia ferana amin’ny alàlan'ny lalàna fehizoro.

Ny mpikambana ao amin’ny Antenimierampirenena dia mitondra ny anarana hoe: « Solombavambahoakan’i Madagasikara ».

**Andaniny 70**. Didim-panjakana raisina eo amin’ny Filankevitry ny Minisitra no

mametra ny isan’ny mpikambana ao amin’ny Antenimierampirenena, ny fitsinjarana toerana manerana ny tanim-pirenena sy ny fizarazarana ny fari-pifidianana.

**Andininy 71**. Tsy azo ampirafesina amin’ny andraikitra hafa maha-olom-boafidimbahoaka sy izay mety ho fisahanana asampanjakana hafa ankoatra ny asa fampianarana ny andraikitry ny solombavambahoaka.

Miato avy hatrany amin'ny maha olomboafidy azy ny solombavambahoaka voatendry ho mpikambana ao amin'ny Governemanta. Ny mpisolo toerana no misolo azy.

Manatanteraka ny asany araka ny feon'ny fieritreretany ary ao anatin'ny fanajàna ny fitsipika fototra voafaritra araka ny fomba voadidy arahina ao amin'ny andininy faha-79 etsy ambany ny solombavambahoaka.

**Andininy 72**. Mandritra ny fe-potoana iasany, ny solombavambahoaka dia tsy afaka miova vondrona politika mba hiditra any aminà vondrona vaovao, ankoatra ny anaran'ny vondrona izay nahavoafidy azy, raha tsy izany dia aongana.

Raha misy ny fandikàna ny andàlana etsy aloha, dia ambaran'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny sazy fanonganana.

Ny solombavambahoaka voafidy ka tsy avy aminà antoko iray dia afaka miditra ao amin'ny vondrona parlemantera araka ny safidiny eo anivon'ny Antenimiera.

Ny fanonganana solombavambahoaka iray dia azon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana anaovana fanambarana ihany koa, raha toa izy ka mivoana amin'ny làlam-pitondran-tenan'ny vondrona parlemantera misy azy.

Ny fomba fanonganana sy ny fitsipika momba ny toetra fototra ary ny fitandroana ny hasin'ny asa dia faritana amin'ny alàlan'ny lalàna mikasika ny antoko politika sy ny didy amam-pitsipika mikasika ny famatsiam-bola ny antoko politika.

**Andininy 73**. Tsy misy solombavambahoaka na dia iray aza azo enjehina, karohina, samborina, tànana am-ponja, na tsaraina noho ny hevitra naposany na latsabato nataony teo am-panaovana ny asany.

Tsy misy Solombavambahoaka na dia iray aza azo enjehina sy samborina noho ny heloka bevava na heloka tsotra mandritra ny fotoam-pivoriana raha tsy nahazoan-dàlana tamin’ny Antenimiera, raha tsy hoe tratra ambodiomby.

Tsy misy solombavambahoaka na dia iray aza azo samborina ivelan’ny fotoampivoriana, raha tsy nahazoan-dàlana tamin’ny Biraon’ny Antenimiera, raha tsy hoe tratra ambodiomby, noho ny fanenjehana nomena alàlana na ny fanamelohana tanteraka.

Afaka manao fitarainana an-tsoratra any amin’ny Birao maharitry ny Antenimierampirenena izay rehetra olona manana fanamarihana momba ny tsy

fahavitan’ny solombavambahoaka iray ny asa nankinina taminy. Tsy maintsy manome valiny amin'ny antsipiriany mikasika ilay raharaha ny Birao ao anatin’ny telo volana.

**Andininy 74**. Fidina eo amin’ny fiandohan’ny fotoam-pivoriana voalohany ny Filoha sy ny mpikambana ao amin’ny Birao mandritry ny fotoam-piasany.

Na izany aza noho ny antony lehibe, dia azo esorina amin’ny toerana misy azy ireo avy ny mpikambana ao amin’ny Birao amin’ny alàlan’ny latsabato miafina ataon'ny roa ampahatelon’ny solombavambahoaka.

**Andaniny 75**. Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan’ny fotoam-pivoriana isanisany dia Ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny talata voalohany amin’ny volana mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny talata fahatelo amin’ny volana oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin’ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolampanjakana.

**Andininy 76**. Mivory tsy ara-potoana araka ny lahadinika voafaritra ny Antenimierampirenena noho ny fitarihan’ny Praiminisitra, na noho ny fangatahan’ny antsasa-manilan’ny mpikambana

ao amin’ny Antenimierampirenena araka ny didimpanjakana noraisin’ny Filohan’ny Repoblika teo amin’ny Filankevitry ny Minisitra.

Tsy mihoatra ny roa ambin’ny folo andro ny faharetan’ny fotoam-pivoriana. Na izany aza anefa, raha vantany vao tapitra ny lahadinika izay niantsoana ny Antenimieram-pirenena, dia faranana amin’ny alàlan'ny didimpanjakana ny fivoriana.

**Andininy 77**. Ampahibemaso ny fivorian’ny Antenimierampirenena. Tanana an-tsoratra izany, ary havoaka ho fantatry ny besinimaro araka ny fepetra voalazan’ny lalàna.

Mivory tsy ampahibemaso ny Antenimierampirenena araka ny fangatahana ataon’ny ampahaefatry ny mpikambana ao aminy na ny fangatahana ataon’ny

Governemanta. Anaovana fitànana antsoratra ny fanapahana nofaranana.

**Andininy 78**. Manao fivoriana manokana avy hatrany ny Antenimierampirenena ny talata faharoa manaraka ny fanambarana ny vokatry ny fifidianana azy mba hananganana ny biraony sy ny fanamboarana ny vaomiera.

Manana zo amin’ny toeran’ny filoha lefitra iray ny mpanohitra ary mitarika ny iray amin’ireo vaomiera farafahakeliny.

Mifarana ny fivoriana raha vao tapitra ny lahadinika.

**Andininy 79**. Ny fitsipika mikasika ny fampandehanana ny Antenimierampirenena dia faritan’ny lalàna fehizoro ao amin’ny foto-kevitra ankapobe sy faritan’ny fitsipika anatiny ao amin’ny fombafomba arahiny.

Avoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika ny fitsipika anatiny.

**Mazava izany ny ao anatin'ny adininy 73**. *« Tsy misy Solombavambahoaka na dia iray aza azo enjehina sy samborina noho ny heloka bevava na heloka tsotra… »*
. Io no reharehan-dry Hanitra sy Fidèle. Adinony ilay fanampiny :
***« raha tsy hoe tratra ambodiomby »***
. Isan'andro vaky izao izy ireo, efa ho iray volana mahery no manompa ny fitondrana, mandainga, manely vaovao tsy marina ao amin'ilay fandaharana natao
*« copie-collé »*
. Ny mpihaino rehetra dia nahatratra ary mahatratra azy ambodiomby. Miatrà ho azy ireo avy hatrany ny
*« code pénal »*
sy ny
*« loi sur la cybercriminalité »*
. Ry Vonison Andrianjato Razafindambo sy ry Guy Maxime Ralaiseheno moa tsy solombavambahoaka ka afaka tonga dia nampanantsoin'ny mpitandro filaminana mba ho enohina. Inona anefa no nataony ? Tsy nipoitra izy ireo ary
miafina mihitsy aza.
*Wanted*
izany… satria nanao
*« refus d'obtempérer »*
sy
*« délit de fuite »*
. Mahana foana ny mpanao ratsy e !

Mazava ihany koa ny ao amin'ny Lalampanorenana fa tsy misy resaka tatitra tsy maintsy ataon'ny Solombavambahoaka izany, na teny iray aza. Dia efa tranon-dainga izany ity Hanitra Razafimanantsoa ity ary manabado ny Malagasy rehetra, ka tafiditra ao ny taranany. Loza ! Fa inona no tena marina raha mikasika ilay hoe tatitra tsy maintsy atao ? Ao anatin'ny fitsipika anatin'ny Antenimierampirenena no ahitana io resaka tatitra io sy ny fotoana anaovana izany. Fa ireto aloha no tsy maintsy fantatrareo mpamaky hajaina.

**Fitsipika anatin'ny Antenimierampirenena, Toko voalohany : ny amin'ny fanokafana sy famaranana ny fotoam-pivoriana**

**Andininy 204**. Ny Filoha no manambara ny fisaokafan'ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohany ny talata voalohan'ny volana mey sy ny fivoriana ara-potoana faharoa natokana indrindra handaniana ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana ny talata fahatelo amin'ny volana oktobra. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

**Andininy 205**. Ny Filoha no manambara ny fisokafan'ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana, avy amin'ny lahadinika voafaritra, tamin'ny alalan'ny didim-panjakana avoakan'ny Filohan'ny Repoblika noraisina tao amin'ny Fivorian'ny Minisitra, na avy amin'ny finiavan'ny Praiminisitra, na avy amin'ny fangatahan'ny antsasasamanilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena. Tsy mihoatra ny roa ambin'ny folo andro ny fotoam-pivoriana. Na izany aza anefa, raha vantany vao tapitra ny lahadinika izay niantsoana ny Antenimierampirenena, dia faranana amin'ny alalan'ny didim-panjakana ny fivoriana.

**Andininy 206**. Ny Filoha no manambara ny fikatonan'ireo fotoam-pivoriana ara-potoana roa isan-taona eo amin'ny fiafaran'ny famaranana ny fivoriana farany voafaritry ny Diniky ny Filoha enimpolo andro aorian'ny fisokafan'ny fotoam-pivoriana isanisany. Mijanona ny fiadian-kevitra rehetra rehefa vakina ny didim-panjakana fanakatonana ny fotoam-pivoriana iray. Faranan'ny Filoha eo no ho eo ny fivoriana.

**Andininy 207. Takina amin'ny Solombavambahoaka rehetra ny mampahafantatra mandrakariva sy manao tatitra amin'ny fiafaran'ny fivoriana tsirairay amin'ny mpifidy.**

Asa raha mahay mamaky teny malagasy ireto solombavambahoaka TIM ireto, tarihin'i Hanitra Razafimanantsoa amin'ny sangany ireto -noho ny fitiavany manokana dia manokana ilay Filoha mpitsaoka ady sy resy lava-, fa mazava io andininy faha-207 io, izay tsy milaza mihitsy fa dimy volana aorian'ny fivoriana farany no tsy maintsy ao Ambohijatovo no atao izany tatitra izany. Ireto avy ny anaran'izany solombavambahoaka TIM vitsy an'isa izany sy ny toerana nahalany azy :







Ravalomanana coupable du 26 janvier 2009 **VIDEO ICI**




**Fidèle Razara Pierre. Toe-tsaina hoe ?** **VIDEO ETO**


Dossier

La Gazette - dgi
SAMEDI 20 FEVRIER 2021

# Hanitra Razafimanantsoa : mpampianatra fandikan-dalàna ikoizana